APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

n° 60

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara | Mivoaka isaky ny telo volana | Desambra 2023

## AHOANA NO ATAO HAHATSARA KOKOA NY FAMAROTANA TRONDRO ?



**Analamanga**

### Fitaovam-pitantanana hahatsara ny famarotana zana-trondro (P. 4)

**Matsiatra Ambony**

### Manatsara ny fiaraha-miasan'ny mpanatavy sy ny mpivarotra (P. 6)

**Atsinanana**

### Varotra zana-trondro, tsy fahita ao an-tsenan'ny Morontsiraka Atsinanana (P. 5)

RÉGION Nouvelle-Aquitaine
AFD
Financé par l'Union européenne
coopération allemande DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT
Mis en œuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH
SANOI
RÉGION NORMANDIE

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Ny APDRA dia manohana ny mpiompy amin'ny famokarana zana-trondro sy trondro vaventy izay natao hamidy ny ampahany : fivarotana zana-trondro amin'ny mpiompy trondro hafa sy fivarotana trondro vaventy amin'ny mpivarotra na ny mpihinana. Mila mihevitra paikady famarotana mifanaraka amin'ny vokatra ananany, ny toerana misy azy, ny fitaovana ananany sy ny fahafahany mamonjy toeran-kafa hivarotana araka izany ny mpiompy tsirairay, na lahy na vavy. Maro karazana ny paikady sy fitaovana azon'ny mpiompy trondro ampiasaina mba hahazoany tombony farany ambony amin'ny famarotany ny vokatra.

Ao anatin'ity laharana ity izahay dia hanolotra paikady vitsivitsy, toy ny : fomba fanamorana ny fanefana vidim-bokatra eo amin'ny mpamokatra zana-trondro sy ny mpanatavy, famaritana vidin-jana-trondro araka ny fandaniana tamin'ny famokarana, fivarotana zana-trondro ivelan'ny fari-pamokarana na ny tsena eo an-toerana na koa fanatsarana ny fifampitokisan'ny mpiompy trondro sy ny mpivarotra vokatry ny fanomezan-danja ny fifampidinihana. Fitaovana maro ihany koa no napetraka : fisy fandaminana mialohan'ny famarotana, famarotana amin'ny alàlan'ny fifandraisana an-telefaonina sy ny lahatahirin'ireo mpivarotra.

Antenainay fa hanampy ny mpiompy trondro rehetra, na vavy na lahy, amin'ny fanatsarana ny favarotan'izy ireo ny trondrony ity laharana ity, mamakia finaritra daholo àry !

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA : Ahoana no atao hahatsara kokoa ny famarotana trondro ?

### Vakinankaratra

# Manamora ny fanefana vidim-bokatra

*Nampiroborobo ny famarotana zana-trondro tao amin'ny kaominina Antohobe, Antsoso sy Soavina, ao amin'ny distrikan'i Betafo, ny fifanarahana nataon'ny vehivavy mpiompy trondro mpisitraka ny tetikasa SANUVA tamin'ny mpamokatra zana-trondro ao an-toerana.*

Renim-pianakaviana marefo, tsy manam-bola firy, no mandrafitra ny ankamaroan'ny vondron'ny vehivavy mpiompy trondro tohanan'ny tetikasa SANUVA. Nanatsara ny fahazoan'izy ireo zana-trondro ny fifanarahana isan-karazany nataony tamin'ireo mpamokatra zana-trondro ao an-toerana. Ny sasany nifanaraka mba hahazoana vokatra ambongadiny sy mitrosa. Nofaritana ampahibemaso ny vidin'ny zana-trondro sy ny fotoana handoavana azy ka ireo vehivavy mpiray vodirindrina no natao vavolombelona. Ny vehivavy mpiompy sasany nanolotra asa atakalo zana-trondro tamin'ny mpamokatra. Iarahan'ny roa tonta mamaritra amin'izany ny isan'ny andro sy ny fotoana anatanterahana ny asa. Ahazoana mividy zana-trondro karpa 20 hatramin'ny 30 sy zana-trondro tilapia 50 hatramin'ny 60 ny asa iray andro. Farany, nisy tamin'ireo vehivavy mpiompy trondro no nanao fifanarahana hafa tamin'ireo mpamokatra zana-trondro : izy ireo no manao ny fanajariana sy ny fanaraha-maso ny fanatavizana, ny mpamokatra kosa no miantoka ny zana-trondro ilaina. Zaraina roa mitovy ho an'ireo vehivavy mpiompy trondro sy ny mpamokatra zana-trondro ny vokatra azo.

Marihina fa mora amin'ireo vehivavy mpiompy trondro ny miady varotra ny vidin'ny zana-trondro amin'ny mpamokatra rehefa mividy betsaka, 120 Ariary ohatra ny zana-karpa iray raha tokony ho 150 Ariary. Omen'ny mpamokatra zana-trondro maimaimpoana izy ireo indraindray, indrindra fa ny marakely, ho famporisihana azy hamokatra trondro bebe kokoa. Omen'ny mpamokatra ihany koa ny mpiara-monina hisorohana ny halatra sy ny fanapoizinana trondro.

Ahazoan'ny mpamokatra zana-trondro tombony ihany koa ireo fifanarahana ireo : eo aloha ny fahafahan'izy ireo mampitombo ny fahalalan'ny olona azy sy manitatra ny mpanjifany, eo koa ny tombony ara-potoana nohon'ny fivarotana mitambatra (fakana trondro betsaka indray mandeha fa tsy atao tsikelikely) sy ny fidiram-bola misimisy.




*Fizarana zana-trondro tamin'ireo mpividy nivondrona tao Ambilona, Antanifotsy*

# LOHAHEVITRA : Ahoana no atao hahatsara kokoa ny famarotana trondro ?

### Afovoan-tany

## Mikajy ny vidin'ny zana-trondro araka ny fandaniana amin'ny famokarana

*Ny vondrona misahana ny Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana (TFT) eo anivon'ny APDRA dia miara-miasa amin'ny mpiompy trondro hahatsara ny fitantanana ara-toekarena sy ara-bola ny fiompian'izy ireo. Nisy ny fitaovana fikajiana noforonina hanamorana ny famarotana.*

Anisan'ny asa tena ahazoan'ny mpiompy trondro vola ny famokarana zana-trondro. Miova araka ny tolotra sy ny tinady anefa ny vidin'ny zana-trondro ary mpamokatra maro no matiantoka rehefa tafidina ambany ny vidim-bokatra. Misafidy ny hitahiry ny zana-trondrony araka izany ny mpamokatra sasany mandra-piakatr'izany. Ny fitahirizana maharitra ny zana-trondro anefa dia mety hahabetsaka ny maty sy ny fatiantoka ara-toekarena ihany koa. Manoloana izany, ny sampana misahana ny TFT eo anivon'ny APDRA dia nanapa-kevitra ny hanampy ny mpiompy hanatsara ny fikajian'izy ireo ny fandaniana amin'ny famokarana. Afaka manampy azy ireo amin'ny fanapahana ny fotoana ivarotana na itahirizana ny zana-trondrony mantsy ny fahalalana io tondro ara-toekarena io.

Araka ny antontan'isa ara-teknika sy toekarena azo tamin'ny santionana mpamokatra zana-trondro miisa 90 miara-miasa amin'ny APDRA tamin'ny 2022 dia 4 hatramin'ny 159 Ariary ny sandan'ny famokarana zana-trondro iray. Ny fitambaran'ny fandaniana tamin'ny famokarana mitaha amin'ny isan'ny zana-trondro vokatra no nikajiana io sanda io. Taorian'izay no nilaza i Rémi, mpiompy ao Ambatomanjaka (faritra Itasy) : *« Taloha, naleoko nitahiry zana-trondro toy izay hivarotra latsaky ny 200 Ariary ny iray, fa ambany noho io anefa ny lany tamin'ny famokarana rehefa nokajiako ary tsapako fa mbola ahazoako tombony ny mivarotra ny iray amin'ny 100 Ariary. Fantatro izany ankehitriny ka rehefa tsy afa-manoatra aho dia aleoko mivarotra ny zana-trondroko amin'ny vidiny latsaky ny mahazatra toy izay mitahiry azy. Hitako fa sarotra ihany koa ny fitahirizana nohon'ny voka-dratsin'ny toetr'andro manjo antsika ankehitriny. »*




*Rémi mivady, mpamokatra zana-trondro ao Ambatomanjaka, Itasy, manomana zana-trondro hamidy*

### Vakinankaratra

## Mivarotra zana-trondro ivelan'ny faritra amokarana ?

*Anjakan'ny fifaninana ny tsenan'ny zana-trondro ao Betafo, sady ambany nohon'ny any amin'ny faritra hafa ny vidiny. Manazava ny fanapahan-keviny hivarotra ny zana-trondrony any an-toeran-kafa i Nary, mpamokatra ao Andriamasoandro, kaominina Betafo.*

**FMT : Tantarao anay ny antony nahatonga anao hivarotra ny zana-trondronao any amin'ny faritra hafa**

**Nary :** Tamin'ny 2015 no nanombohako namokatra zana-trondro ary nanomboka tamin'ny taona 2018 dia nifantoka tamin'io asa io aho rehefa nahatsapa fa mety hahavelona ahy tsara izany. Herintaona taorian'izay no nitadiavako tsena tsikelikely ivelan'ny kaominina Betafo. Fantatro fa mahalafo zana-trondro iray amin'ny 150 Ariary raha kely indrindra ny mpividy ny zana-trondroko amin'ny 40 Ariary ! Izy ireo izany no manan-karena mihoatra ny mpamokatra !

**FMT : Ahoana no itateranao ny zana-trondronao any amin'ny faritra hafa ary nahazoana alàlana ve izany ?**

**Nary :** Tamin'ny 2019 aho no nanomboka nivarotra zana-trondro ka nampiasa Facebook. Tsy niova ny laharan'ny findaiko ary naparitak'ireo mpanjifa izay afapo. Manana karatra fandoavan-ketra ahazoako mivarotra sy mitatitra zana-trondro any amin'ny faritra hafa aho. Amidiko any Antananarivo ny 60 % amin'ny zana-trondroko, nanatitra zana-trondro tany Mananara Avaratra, faritra Analanjirofo aho tamin'ny herintaona. Nihoatra ny 4 andro ny dia tamin'izany ! Ny fitaterana dia ilàna fitaovana fototra toy ny baombaonina fitondrana oksizena, tsilena, sobika, sns. Tsy maintsy omanina tsara ihany koa anefa ny fitaterana, miampy fanajana ny fepetran'ny jono sy ny fotoana tsy amahanana ny trondro, hahatsara ny taha-pahavelomana.

**FMT : Inona no mahasarotra ny fanondranana zana-trondro ?**

**Nary :** Ahazoana tombony kokoa ny mivarotra zana-trondro ivelan'ny faritra rehefa tery ny tsena eto an-toerana, mila fandaminana betsaka sy traikefa tsara anefa ny fitaterana satria zana-trondro velona no entina. Ankoatra izay, mandany ny ankamaroan'ny fotoanako ny fanaterana ny vokatra ka izany no mahatonga ahy hampiasa olona mba hanampy ahy, indrindra amin'ny famokarana sy ny fanomanana ny kaomandy.




*Nary eo am-panaraha-maso ny famokarany zana-trondro*

## LOHAHEVITRA : Ahoana no atao hahatsara kokoa ny famarotana trondro ?

**Analamanga**

# Fitaovam-pitantanana hahatsara ny famarotana zana-trondro

*Anisan'ny olana lehibe eo amin'ny tsenan'ny zana-trondro karpa ny tsy fifanojoan'ny fotoana isian'ny tolotra sy ny tinady. Namorona fitaovana hoentin'ny mpiompy trondro manatsara ny paikady famarotan'izy ireo ny sampana Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana (TFT) eo anivon'ny APDRA.*

Olana mpahazo ny mpiompy trondro ny tsy fahazoana zana-trondro, indrindra ho an'ny mpiompy vao. Mpamokatra maro ihany koa anefa no manana fahasahiranana amin'ny fivarotana ny zana-trondrony. Manoloana izany dia namorona fitaovana iray ny APDRA hanampiana ny mpiompy trondro sy ny mpanentana amin'ny fandalinana ireo olana mitranga eo amin'ny tsenan'ny zana-trondro, ny fandinihana miaraka ny mety ho vahaolana sy ny famaritana ny paikady famarotana ho tombontsoan'ny rehetra, mpivarotra sy mpividy.





*Fampiasana ny fitaovam-pitantanana niaraka tamin'ny mpiompy trondro mpikambana ao amin'ny TAMIKA ao Antanetikely*

Niompana tamin'ny fandalinana ny tolotra sy tinady, araka ny vanim-potoana, ny dingana voalohany. Ahitana zana-trondro betsaka fa vitsy mpividy ao amin'ny faritra ny volana septambra sy desambra. Ny desambra hatramin'ny janoary, mifandanja ihany ny tolotra sy ny tinady, ary aorian'ny janoary, tena kely ny zana-trondro amidy mitaha amin'ny filàn'ny tsena.

Tao amin'ny dingana faharoa no namaritana ireo sakana. Eo amin'ny lafiny famokarana, tsy mahafehy ny teknika hifanarahana amin'ny zava-misy (fitahirizana zana-trondro, fanemorana fampanatodizana, fampanatodizana maro) ny mpamokatra zana-trondro. Fahaverezana zana-trondro sy fatiantoka ihany koa no vokatr'izany. Voamarika teo amin'ny famarotana ny tsy fahaiza-mandalina ny fandaniana amin'ny famokarana : amidy lafo be ny zana-trondro kanefa tena ambany ny fandaniana tamin'ny famokarana. Raha voalanjalanja ny vidin'ny zana-trondro dia mety hahalafo bebe kokoa ny mpamokatra sady mahazo tombony. Tsy mivelatra tsara ihany koa ny tambazotran'ny mpanjifa nohon'ny tsy fananan'ny fikambanan'ny mpamokatra zana-trondro fandaminana : tsy voazara eo amin'ny samy mpikambana matetika ny kaomandy voaray ary tsy ampy ny dokam-barotra ho an'ireo tena mpanjifa.

Farany, tao amin'ny dingana fahatelo no namaritan'ireo mpiray fikambanana ny vahaolana hanalana ireo sakana ireo. Raha ny fifandaminana anatiny, ohatra, dia nametraka fomba fanaraha-maso ny kalitaon'ny raiamandrenintrondro ampiasaina (tsy latsaky ny 1 kg) sy ny zana-trondro amidy (tsy latsaky ny 45 andro) ny fikambanana FMTM ao Maroanana mba hitazonana ny fahatokisan'ny mpividy. Mandray anjara amin'ny foara ihany koa izy mba hampitombo ny fahafantaran'ny olona azy sy ny isan'ny tena mpanjifa. Ankoatra izay dia noferany ny vidin-jana-trondro ambany indrindra mba hahazoan'ny mpamokatra rehetra tombony, ary nalaminy indray ny varotra : atao eo amin'ny toeram-pivarotana iraisana ao Ankazobe (toeram-pivarotana trondro naorina tamin'ny 2019 ary tantanan'ny fikambanana kaominaly TAHA) hahazoan'ny tsirairay tombontsoa. Mikasika ny fitantanana ara-toekarena, nahafantarana bebe kokoa ny fandaniana tamin'ny famokarana ny fampiasana ny fitaovana firaiketana an-tsoratra sy fandalinana ara-teknika sy toekarena. Hampihenana izany dia naleon'ny mpiompy nampiasa ireo akora famahanana sy fanamasahana hita teo an-toerana (ambim-bokatra, zezika kankana, sns.). Farany, eo amin'ny lafiny teknika dia nisy fiofanana natao mba hananana zana-trondro afara kokoa.

Vao haingana no nampiharana ireo vahaolana ireo. Hisy ny tombana hatao amin'ny faran'ny taom-pamokarana 2023-2024 hahazoana mandrefy ny vokatra sy mitondra fanatsarana raha ilaina.




*Fitaovam-pitantanana izay nofenoin'ny vondrona iray mpamokatra zana-trondro*

## LOHAHEVITRA : Ahoana no atao hahatsara kokoa ny famarotana trondro ?

### Atsinanana

# Varotra zana-trondro, tsy fahita ao an-tsenan'ny Morontsiraka Atsinanana

*Naivo Erlin, mpanentan'ny APDRA misahana ny fari-piasana Tsarasambo, distrikan'i Vatomandry, no mitantara ny nivarotan'ny mpamokatra iray izay notohanany, zana-trondro voalohany tao amin'ny tsena tao an-toerana.*

« Isaky ny alakamisy ny tsena eto Tsarasambo. Indray andro dia nanapa-kevitra ny hitondra sy hivarotra ny zana-trondrony tilapia ao an-tsena Ranaivoarisoa Jean-Paul, mpamokatra eto an-tanàna. Tamin'ny andro voalohany no niantsoany ahy hanampy azy amin'ny fitaterana ny zana-trondro mankany an-tsena. Torohevitra nomeko azy ny hampiasana ireo fitaovana tsotra (siny plastika, koveta, bidao mavo sy fitaovana fakana zana-trondro na *épuisette*) efa ananany amin'ny fitaterana sy fivarotana. Nahagaga ny olona ny fivarotan'i Jean-Paul satria, mifanohitra amin'ny ao Afovoan-tany, tsy mahazatra ny mahita zana-trondro velona aty amin'ny tsenan'ny Morontsiraka Atsinanana. Tena nahasarika olona izany ary tantsaha maro no tonga dia nividy zana-trondro hoampidirina ao an-dobony. Liana tamin'ny fiompiana trondro ny sasany ka nangataka torohevitra ara-teknika taminy momban'ny fanajariana dobo alohan'ny hividianana zana-trondro. Tamin'io andro voalohany nivarotany io dia zana-trondro miisa 300 milanja 2 grama tsirairay, amin'ny 200 Ariary ny iray, no lafon'i Jean-Paul. Lasa fahazarana ho azy ankehitriny ny mivarotra ao an-tsena raha vao manana tahirin-jana-trondro. Ahazoany vola izany sady mamporisika ny mpiantsena hiompy trondro. Ny sasany aza tonga nangataka tohana ara-teknika tamin'ny APDRA. »




*Jean-Paul manomana ny fivarotana ny zana-trondrony*

### Amoron'i Mania

# Mivarotra zana-trondro amin'ny alàlan'ny fampiasana ny « Marketplace »

*Mitantara ny fampiasany ny* Marketplace *izay fomba famarotana an-telefaonina sy ny tombontsoa azo amin'izany Rasoamampiaritra Zazaroaomby André, antsoina hoe « Velo », mpiompy trondro ao Ambohitra, kaominina Ambatomarina, distrikan'i Manandriana.*

**FMT : Manao ahoana ny famokaranao zana-trondro ? Inona no antony nampiasanao ny « Marketplace » ?**

**Velo :** Nanomboka namokatra zana-trondro aho tamin'ny 2015. Tamin'ny voalohany, teto amin'ny kaominina no nivarotako ny zana-trondroko saingy sarotra izany satria efa betsaka ny mpamokatra. Tamin'ny novambra-desambra 2022, zana-trondro 12 000 no vokatra ary nitariko tany amin'ny kaominina Soavina, distrikan'Ambatofinandrahana ny tsena, izay nisy ireo mpanjifa vaovao voatily sy nokarohin'ny biraon'ny Vovonana Kaominaly misy anay. Nanandrana nampiasa ny *Marketplace* aho taorian'izay mba hahitana tsena vaovao.




*Petadrindrina fampahafantarana ny* Marketplace

**FMT : Inona no azonao tamin'ny fampiasana ny *Marketplace* ?**

**Velo :** Tamin'ny marsa 2023 aho no nisoratra anarana ho mpivarotra zana-trondro, fotoana nanandramana ny *Marketplace* tato anatin'ny faritra. Mpanatavy telo avy amin'ny kaominina Ambatomifanongoa, Ilaka Centre sy Ambohimanjaka no niantso ahy hividy zana-trondro saingy tsy nanana intsony aho. Nantsoiko indray izy ireo ka nivarotako zana-trondro miisa 1 500 tamin'ny oktobra. Ireo vaovao miely tao anatin'ny *Marketplace* ihany koa no nahafahako niantso mpanatavy telo hafa tato amin'ny faritra, izay nikaomandy zana-trondro miisa 5 000 amin'ny novambra sy desambra.

### Inona moa no atao hoe *Marketplace* ?

Ny « Marketplace » dia fomba ampifandraisana an-telefaonina ny mpividy sy mpivarotra trondro vaventy, zana-trondro ary raiamandrenintrondro, amin'ny alàlan'ny laharana 321. Io laharana io no nahafahana nanontany vaovao ka io ihany koa no antsoina raha Airtel no ampiasaina ary ny laharana « 033 44 800 26 » kosa ho an'ny mpampiasa Orange na Telma. Mamaimpoana ny antso enina voalohany ao anatin'ny iray volana (andoavam-bola ny fahafito : 200 Ar/antso). **Tsy hiasa intsony ity fitaovana ity amin'ny faran'ny taona 2023.**

# LOHAHEVITRA : Ahoana no atao hahatsara kokoa ny famarotana trondro ?

### Amoron'i Mania

## Manamora ny famarotana trondro ny lahatahirin'ny mpivarotra

*Manazava ny tombontsoa azo amin'ny fampiasana ny lahatahirin'ny mpivarotra trondro ao Ambositra ny mpiompy trondro ao anatin'ny fikambanana Voahirana, fokontany Ampananganananavozo, kaominina Imito, distrikan'i Fandriana.*

« 23 no isanay mpiompy trondro mivondrona ao anatin'ny fikambanana. Tojo olana izahay rehefa nivarotra ny trondronay tany Ambositra. Tsy fantatray na tery ny tsena, na ohatrinona no ivarotana ny trondro, fa dia maro taminay no tratry ny fitotonganan'ny vidin-trondro (17 hatramin'ny 33 %). Tamin'ny 2021, nampiasa ny lahatahirin'ny mpivarotra trondro nomen'ny APDRA izahay. Niantso ny mpivarotra tao Ambositra izahay tamin'ny fotoana fakana trondro mba hahazoana karazana vidin-trondro, hampitahàna izany mba hahafahana mifanaraka amin'ny mpivarotra ny vidy andraisany ny trondro. Nahafahana nanomana mialoha ny fanaterambokatra izany, tamin'ny fanapahana ny fotoana sy ny lanja ilainy. Ny fandaminana mialoha dia nahafahan'ny mpivarotra nanomana ihany koa ny fandoavam-bola ary tsy nisy ny olana ara-trosa toy ny teo aloha. Ankoatra izay, ny fisian'ny sarin'ny mpivarotra ao anatin'ny lahatahiry dia manamora ny fahitana izay olona nifanarahanay an-telefaonina. Manamora ny fivarotana sy nanatsara ny fifandraisanay tamin'ny mpivarotra ny lahatahiry hany ka izy ireo no miantso anay rehefa tsy misy trondro ao amin'ny tsenan'Ambositra !

Tamin'ny 2022, nahitana fiakarana 30 % ny vidin-trondronay tao Ambositra. Mampiasa ny lahatahiry ny ankamaroan'ny mpikambana ary mizara vaovao (vidiny, kaomandy, datin'ny fanaterana…) amin'ireo izay tsy manana finday. Zarainay amin'ireo mpiompy trondro tsy mpikambana ato aminay ihany koa ny laharan'ireo mpivarotra.

Anisan'ny antony nananganana ny fikambanana tamin'ny 2019 ny fitadiavana paikady hanamorana ny famarotana zana-trondro sy trondro vaventy. Nandray anjara tamin'ny fanatrarana io tanjona io ny fisian'ity lahatahiry ity ! »




*Mpikambana ao amin'ny Voahirana eo am-piresahana ny fampiasana ny lahatahirin'ny mpivarotra*

### Matsiatra Ambony

## Manatsara ny fiaraha-miasan'ny mpanatavy sy ny mpivarotra

*Mpivarotra trondro vaventy ao amin'ny tsenan'Antanimalalaka, Ambalavao Tsienimparihy, distrikan'Ambalavao, Rakotonirina Jean Edmond na i « Bôda » ary milaza ny fahitàny ny dinika an-databatra boribory mikasika ny famarotana nokarakarain'ny APDRA tao Ambalavao tamin'ny volana jona 2023.*

« Niresaka betsaka ny fihenàn'ny lanjan'ny trondro raisinay aty amin'ny tsenan'Ambalavao izahay, mitaha amin'ny lanjany tany am-pakana azy. Avy amin'ny fampiasana mizana samy hafa sy ny fisian'ny fahaverezan-danja mandritra ny fitaterana io olana io. Mba hamerenana ny fifampitokisan'ny mpamokatra sy ny mpivídy dia nanolokevitra ny hampiasana mizana voamarin'ny Fitaleavamparitry ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana ny mpandray anjara. Ao an-tsena, mizana voamarina no tokony ampiasain'ny mpivarotra : manara-maso izany ny polisy eto an-toerana ary manasazy izay mandika lalàna. Ankoatra izay, mavesatra ny fitaovam-pandanjanay ka tsy azonay entina rehefa mivídy trondro any amin'ny mpiompy. Mizana tsy voamarina anefa no ampiasain'izy ireo ka tsy ahafantaranay ny lanja marina. Vahaolana amin'izany ny fikasan'ireo mpiompy trondro sasany hampanao fanamarinana ny mizanany mba hahazoanay mampiasa izany.

Niresaka momba ny fanontana ny lahatahirin'ny mpivarotra ihany koa izahay, izay tena zavatra tsara satria ahafahana mifampiantso hifanarahana amin'ny daty akana trondro, ny vidiny sy ny fatra misy alohan'ny hidinana eny ifotony. »




*Bôda eo am-povoan-tsena fivarotana trondro ao Antanimalalaka, Ambalavao*

**Fanamarihan'ny ekipan'ny fanoratana**

Azon'ny mpiompy trondro atao ihany koa ny manamarina ny mizana sy ny vato mizanany eo imason'ny mpivarotra amin'ny alàlan'ny fandanjana zavatra manana lanja eken'ny rehetra.

# TARATASIN'NY MPAMAKY

## Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 58 sy 59

*« Niainanay taty mihitsy ny voka-dratsin'ny fiovaovan'ny toetr'andro : nisy ora-mikija niteraka safo-drano be taty aminay tamin'ny 2022. Taorian'ny fanentanana nataon'ny tetikasa AMPIANA 2 sy ny ao amin'ny rano sy ny ala dia lasa mpamokatra zana-kazo aho. Efa misy fikambanan'ny mpiompy trondro-mpamboly hazo ihany koa eto aminay. »* Imeriharilala Meva Jobson (Manalalondo Centre, Manalalondo, Itasy)



Fizarana gazety FMT tamin'ny mpamaky tao Ampananganananavozo, kaominina Imito, Amoron'i Mania

*« Misaotra amin'ny famoahana ny FMT fa manome fahalalana ho an'ny tantsaha. Ny tena nahafinaritra ahy tamin'ny FMT laharana faha 58 dia ny fanomezana ny famaritana ny atao hoe fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fampahafantarana ny atao hoe* gaz à effet de serre*. Amporisihina ny mpiompy trondro mba hanentana ny manodidina hiaro ny tontolo iainana satria ny fiompiana trondro dia miankina amin'ny fisian'ny rano. »* Randriamisata Daniel antsoina hoe « Radany » (Andohasaha, Fiadanana, Amoron'i Mania)

*« Anisan'ny vahaolana ahafahan'ny mpiompy trondro miatrika ny fikorontanan'ny toetr'andro ny fambolen-kazo. Manatsara ny fahazoantsika rano sy miantoka ny faharetan'ny fiompiana ataontsika izany na dia lavitr'ezaka aza ny fahazoana ny vokany. »* Ramaroson (Antanetilava, Manalalondo, Itasy), Rafaralahy Jeannot (Ambatovory-Ambatomena, Anjoma Sud, Matsiatra Ambony), Rakotonirina Diamondra Angelo (Tsarahonenana-Anaody, Anjoma Nord, Matsiatra Ambony), Rakotondramasy Eugène (Andoharano-Igararana, Miarinarivo II, Itasy), Razaimalala Rémie (Tsarahonenana-Anaody, Anjoma Nord, Matsiatra Ambony)

*« Ho fiarovana ny tanety amin'ny tsangy dia angonina ny anay ny bozaka hanaovana voly rakotra mba hitana ny nofon-tany ary miezaka tsy miasa ny tany (*0 labour*) mba tsy hanotoran'ny tsangy ny tanimbary. »* Rahantamalala Angèla (Vohitsambo-Sakaviro, Matsiatra Ambony)

*« Nahita izahay fa tao anatin'ny telo taona dia tena betsaka ny tanimbary tototry ny fasika vokatry ny antsanga avy any an-tanety. Ankehitriny anefa dia manantena fa hisy vokatsoa azo tsapain-tanana raha mavitrika hanaraka ny fanentanan'ny tetikasa ALEFA amin'ny fanajariana ny tanety ny mponina. »* Rafaramanana Gilbert (Miantsoarivo-Sambaina, Antoby Est, Itasy)

*« Miezaka izahay manao ny voly rakotra sy ny fanajariana manaraka tsipika mira haabo natoron'ny GSDM satria raha maty tokoa ny loharano dia tsy ho afaka hiompy trondro sy hamboly vary intsony izahay. »* Rakotondramasy Eugène (Andoharano-Igararana, Miarinarivo II, Itasy)

*« Tato anatin'ny telo taona dia maro ny olona tena tonga saina amin'ny faharitan'ny loharano. Ny anay mpiompy trondro ato amin'ny fikambanana Ezaka dia ny fikojakojana ny loharano amin'ny alàlan'ny fanadiovana na fisavana azy isan-taona sy ny fambolena hazo manodidina azy no atao. »* Razafimbelo Marthe (Mahambako, Fiadanana, Amoron'i Mania)

*« Raha voakarakara ny sahan-driaka dia tsy hijaly rano amin'ny fiompiana trondro izahay tantsaha ary hitombo ny vokatra. Nohon'ny famakiako ny FMT dia resy lahatra aho hanentana ny mpiara-monina sy ny mpiompy trondro manodidina ahy amin'ny fanajariana ny sahan-driaka mba ho lovainjafy. »* Rakotovao Daniel Andriatsalama antsoina hoe « Vazaha » (Vohimalaza, Ambositra II, Amoron'i Mania)

*« Nahaliana ahy ny lahatsoratra miresaka ny fandraisan'ny fikambanana FMTA ny dobo barazin'ny kaominina. Vokatr'izany, afaka niompy trondro mandavantaona izy ireo ary nihena ny halatra trondro. »* Lemazava Dieu Donné (Niarovanivolo, Mahanoro, Atsinanana)

*« Sambany mba henoko ny fahandroana saonjo miaraka amin'ny trondro. Hanandrana aho rehefa vokatra ny saonjo. Misaotra nizara ! »* Razafindravao Amélie Olga (Tatamenatra-Tanandava, Talata, Matsiatra Ambony)

*« Gaga aho tamin'ny fahandroana trondro afangaro amin'ny saonjo atao laoka, hay sakafo be otrikaina sady tsara ho an'ny fahasalamana ! »* Marcel Donat antsoina hoe « Andry » (Ambohimahasoa, Tsivangiana-Vatomandry, Atsinanana)




Manome fahalalana ny tantsaha ny famakiana ny FMT

# SAMIHAFA

## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



1. Firaiketana ny anarana olona sy ny laharan'ny findainy
2. Famarotana vokatra ivelan'ny tsena eo an-toerana
3. Ilazana ny filàna eo amin'ny tsena
4. Ilazana ny fanomezana eo amin'ny tsena
5. Tolodraharaha amin'ny finday mampifandray ny mpividy sy mpivarotra vokatry ny fiompiana trondro
6. Toerana fivorian'ny olona hividy sy hivarotra
7. Iantsoana ny sanda ara-bolan'ny zavatra iray ho amidy

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 59***

*1. Fanajariana*
*2. Hazo*
*3. Loharano*
*4. Mamboly*
*5. Riaka*
*6. Saha*
*7. Fiarovana*




## Tilapia saosy

***Fangaro :***

*Tilapia 1 kg*
*Tongolobe 2*
*Tongolo gasy hasiny 4*
*Voatabia 2*
*Dipoavatra, sira*
*Menaka, rano*

***Fikarakarana***

1. Kikisana ny trondro, esorina ny tsinainy ary diovina
2. Tetehina ny voatabia sy ny tongolobe ary totoina ny tongolo gasy
3. Afanaina ny menaka hanendasana ny voatabia, ny tongolobe, ny tongolo gasy vao asiana sira sy dipoavatra
4. Arotsaka ao am-bilany ny ampahan'ny saosy vao arotsaka ny trondro ary ampiana ny ambin'ny saosy sy rano kely
5. Ampiana rano tsikelikely mandra-pahamasany ka ahazoana saosy marihidrihitra

Mazotoa homana ô !




*Tena mety ilaofana vary ny tilapia saosy*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*

Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*

Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*

Clémentine Maureaud
Aina Rabalijaona
Josia Ramananjaona
Mariette Rasoanantenaina
Vola Ratiarivelo
Donatien Razafindratsiry
Faly Razanajatovo
Julien Sadousty
Arnaud Samy